Tanandava distrikan'i Morombe 7
**Olona miaro ny taniny gadraina, nihetsika ny mponina**

EPP Ivato Village 2
**Mankalaza ny faha-50 taonany, tsizarizary anefa ny foto-drafitrasa**


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Tena maloto ny tanàna 3
**Toa Renivohitra tsy misy mpitondra Antananarivo**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto



Talata 30 mey 2023 Laharana 1439 Vidiny : **600 Ar**


Fihaonamben'ny TIM Avaradrano. Fifidianana 2

## Vonona amin'ny zava-drehetra isika hoy ny filoha Ravalomanana




Miala Rajoelina 3

## Delestazy manapotika fihariam-bahoaka, mampijaly vahoaka

**J - 102**

Fifidianana. Hafatra Pentekosta ny FFKM 3

## Ilaina ny fifampidinihana handresena ny sakana rehetra



Fikambanam-behivavy Mafy Be any Ankazobe 2

## Mihoatra ny 100 ireo mpikambana filoham-boninahitra Anick Ratsiraka



**Androndra** 2
Nirefodrefotra ny basy, olona 1 no lavo nandritra izany

**Itaosy Atsimondrano** 6
Nizeriana 5 tratra nanaparitaka zava-mahadomelina mahery vaika

**Daka kely**

Fanirisoa sy Marco aza mampifezaka an'ialahy isany, koa 6è dan a ! 6è dan ry Boaikely a !

FIHAONAMBEN'NY TIM AVARADRANO. FIFIDIANANA

# Vonona amin'ny zava-drehetra isika hoy ny filoha Ravalomanana

Tontosa ny sabotsy teo tao amin'ny Espace Lion d'Or Avaradrano ny fihaonamben'ny antoko TIM ao amin'ny distrikan'Antananarivo Avaradrano, niatrika izany ny filoha nasionalin'ny antoko Marc Ravalomanana, ny avy amin'ny birao politika nahitana ny sekretera jenaraly Rina Randriamasinoro, sy ny mpandrindra nasionaly Jean Claude Rakotonirina, ireo depiote voafidy tamin'ny anaran'ny antoko TIM notarihan'ny filohan'ny vondrona parlemantera TIM Fetra Ralambozafimbololona, sy ny depiote tompondraharaha ny depioten'Avaradrano Gerry Randriambolaina. Teo koa ireo ben'ny tanàna voafidy tamin'ny anaran'ny antoko TIM ao Avaradrano, ireo mpanolotsaina voafidy tamin'ny anaran'ny antoko notarihan'ny filohan'ny Collectif des Elus Christian Andrianjafy. Tao koa ny avy amin'ny RMDM, ireo tommpon'andraikitra TIM teo aloha : ministra sy depiote,… Ambohipihaonan'ny rehetra tokoa teny an-toerana ny sabotsy teo io. Nambaran'ny filoha Marc Ravalomanana tamin'izany mahakasika ny fifidianana, fa efa vonona amin'ny zava-drehetra isika, aoka tsy hifanilikilika noho izany hoy izy, fa hiray hina hatrany. " Tsy tokony hisaratsaraka isika, haneho fiombonana. Mankasitraka anareo eto Avaradrano aho, fahombiazana tanteraka ny hetsika androany. Tsy mihemotra intsony isika, na tsy misy jiro, na simba ny lalana, na feno sakantsakana. Hanangana Firenena vanona izay manana Olom-pirenena voahaja ny Zo aman-kasiny isika. Antsika i Madagasikara, manana adidy sy andraikitra aminy sy amin'ny taranaka any aoriana isika izao. Fifidianana ihany, amin'ity taona 2023 ity. " Nisongadina ihany koa nandritra izao fihaonambe izao fa nampiditra ny vahoaka sy ny firenena ao anaty trano maizina ny nataon'ny mpitondra, fa tsy misy n'inona n'inona hainy. Noho izany, na ho vy na ho vato tsy mijanona isika raha tsy azontsika amin'ny fahamarinana ny fandresena, hanafahana ny vahoaka amin'izao fijaliana izao. Ankoatra izany, manantena ny filoha Marc Ravalomanana ho Kandida koa Avaradrano, amin'ny fifidianana filohampirenena hatao amin'ity taona ity io ary vonona hampandresy azy amin'izany fifidianana izany.



Ny filoha Marc Ravalomanana ny sabotsy teo, tao amin'ny Lion d'Or Avaradrano.

**Isambilo**

Dis-TIM Ambanja

## Nanofana delegen'ny kandidà amin'ny fifidianana ho avy

Nanamafy ny fototra tany amin'ny kaominina Antsirabe distrikan'Ambanja faritra Diana, ny mpitarika ny Dis-TIM any aminity distriuka ity, notarihan'ny filohany Bertrand Vanimbelo, sy ny Sekretera jeneralin'ny Jeunes Tim Gaetan Soavelo. Nanao fidinana ifotony tany amin' ny kaominina Antsirabe izy ireo ny herinandro lasa teo, nanamafy ny COM-TIM any amin'ity kaominina ity. Nanome toromarika ko amin'ny dingana manaraka izay tokony hatao ary nisy ihany koa ny fanofanana ho an'ny delegen'ny kandidà, mba hiarovana ny zo ny vahoaka, ka tsy ho voafitaka amin'ny fotoam-pifidianana. Mbola namerina koa izy ireo nanentana ny Olompirenena rehetra izay efa ampy 18 taona, mba handray ny andraikitra sy hanatsara ny hoavy ny taranaka ho avy afara, fa ny filoha Ravalomanana Marc no efa vonona sy efa manana traikefa hanavotra ity firenena latsaka an-katerena ity. Hanarina ny vidin'ny lavanila izay latsaka ambany tokoa amin'izao fotoana any Ambanja, amin'ny fanpombohan'ny taom-piotazana izao, satria nijotso hatramin'ny 5000 Ar ankehitriny ny vidin'ny 1 kg ny lavanila maitso. Tena mitaraina ireo tantsaha noho izany, fa tena voa mafy tokoa izy ireo.



Ny Dis-TIM Ambanja, nanentana ireo mpitarika ny antoko tany Antsirabe Ambanja.

**Stefa**

EPP Ivato Village

## Mankalaza ny faha-50 taonany, tsizarizary anefa ny foto-drafitrasa

Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy ny alakamisy lasa teo, ny faha-50 taonan'ny sekoly EPP Ivato Village ao amin'ny kaominina Ivato distrikan'Ambohidratrimo. Fotoam-pivavahana iraisam-pinoana no nisantarana izany taompankalazana izany tamin' ny fomba ofisialy. Nanome voninahitra ny fanokafana izao taon-jaobily izao ny depioten'Ambohidratrimo Johny Rakotoarisoa, ny ben'ny tanànan'Ivato Penjy Randrianarisoa, ny lehiben'ny CISCO ao amin'ity distrika ity Rakotondrabe Andrianiaina Patrick. Nambaran'ny talen'ny sekoly Maria Dolsain nandritra izany, fa tsizarizary, tsy mendrika ny faha-50 taonany ny foto-drafitrasa ao amin'ity sekoly EPP Ivato Village ity ankehitriny, niantsoany ny rehetra hifanolo-tanana ho fanavaozana azy, na ny avy amin'ny ministera izany, na ny avy amin'ny sekoly , na ny mpampianatra, na ny ray aman-drenin'ny mpianatra, na ny maintimolaly, na ny solontenampanjakana, na ny olomboafidy, na ny mpiara-miombon'antoka samihafa, na ny avy any dilambato, … Na izany na tsy izany hoy izy, anisan'ny tsangambaton'ny faha-50 taona hataon'ny sekoly, ny fanatsarana ny lafiny fahadiovana sy ny fidiovana, indrindra ny fanatsarana ny toeram-pivoahana, na WC. Mpampianatra FRAM miisa 14 amin' ny 19 ihany koa hoy izy no mampandeha ity sekoly ity, niantsoany ny tompon'andraikitra handray azy ireo ho mpiasam-panjakana, satria vesatra ho an'ny ray aman-drenin'ny mpianatra izy ireny. Nanambara ny depiote Johny Rakotoarisoa, fa hanampy ny sekoly ny tahiry CIAD, ka hanome dabilio avy hatrany, mbola hisy ihany koa hoy izy ny tetikasa hafa ho ataony amin'ny fanatsarana ity sekoly EPP ity. Handray ny anjara birikiny amin'izany koa ny kaominina hoy ny ben'ny tanànan'Ivato Penjy Randrianarisoa. Misy mpianatra 1106 ankehitriny ao amin'ny EPP Ivato Village, tsara ny voka-panadinana nandritra ny taona nifandimby izay, na eo aza ny tsy fahatomombanana eo amin'ny foto-drafitrasa ao amin'ity sekoly ity.



Ny lanonam-panokafana ofisialy ny fankalazana ny faha-50 taonan'ny sekoly EPP Ivato Village.

**Isambilo**

### Ny Valosoa sy fakafaka

Toekarena sy sosialy

## Mampametram-panontaniana ny fampiasana ireo vola vy

Efa naroso teto tany aloha tany fa hafahafa ihany ny sandan'ny vola ariary eto amintsika amin'izao vanim-potoana izao, ka na ny euro (€), na ny dollar ($) sy ny vola vahiny hafa, dia hita sy tsapa fa mampihemotra antsika lavitra tokoa eo amin'ny sehatry ny ara-barotra, nefa toa tsy hita mihitsy amin'izao fitondram-panjakana Rajoelina izao izay mba ezaka na tombontsoa raha oharina amin'ireo entana sy fitaovana izay hafarana ary ireo vola izay hindramina, fa toa vao maika manimba ny fiaraha-monina sy ny tontolo toekarena sy sosialy tanteraka, miteraka kolikoly sy mampatevina ny trosantsika eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena mihitsy.
Ny vahiny araka izany no mahita fandrosoana sy tombom-barotra raha atao indray mijery, ny vazaha efa ela no teo, ny sinoa sy karana dia mirotsaka tsikelikely ary ny hafa toy ny Egyptiana dia miezaka maka izay anjarany koa, miainga amin'ny fanamboaran-dalana sy fanomezana amboara (Trophée ) ihany koa. Tsorina, fa raha tsy mifamezivezy ireny vola 50 Ar, sy 20 Ar. ireny, dia isika samy isika ihany no mifandrora mitsilany eto raha atao indray mijery. Rehefa misy fisondrotana vidin'entana 200 Ar lasa 250 Ar ohatra, dia vatomamy no atao famerim-bola, na voatery mividy entana roa (2) ka lasa 400 Ar, nefa kely ny vola eo am-pelatanana amin'izany, ary rehefa mandeha eny amin'ny Jirama koa ohatra, raha tokony hamerina famerim-bola 50 Ar hatramin'ny 90 Ar, dia tsy misy fameriny fa lasa manatevina ny paosin'izay mpandray vola eo fotsiny.
Na ny mpivarotra na ny mpanjifa teny an-tsena samihafa teny, dia samy nilaza fa maninona raha mba ambara ofisialy mazava hatrany fa mbola miasa, manankery ireny vola 20 Ar, 50 Ar ireny, ka rehefa tsy vita vola vy, dia avadika atao taratasy, sady mora tahirizina no mba misy lanjany amin'izay fisondrotan'entana atao, no manankery ihany koa rehefa atao famerim-bola. Mazava araka izany, fa tsy misy lanjany ho antsika ny vola amin'izao fotoana, ny vola raisina isam-bolana sy ny tambin-karama na izay anjara vola tokony ho azo dia tsy mitombo, tara vao voaray, ka miteraka fitokonana mihitsy aza, nefa ny vidim-piainana tsy mitsaha-mitombo, tsy sahaza izay raisina isam-bolana, miteraka halatra, hafetsifetsena samihafa , miainga amin'ny sitrany ahay, ka mety ho tojo ny kolikoly manara-penitra mihitsy koa aza.

**Beharo**

Fikambanam-behivavy Mafy Be any Ankazobe

## Mihoatra ny 100 ireo mpikambana, filoham-boninahitra Anick Ratsiraka

Efa mihoatran'ny 100 ankehitriny ireo mpikambana ao amin'ny fikambanam-behivavy Mafy Be ao amin'ny kaominina Talatanangavo ao amin'ny distrikan'Ankazobe faritra Analamnaga. Ny sabotsy, no nampahafantarana ny fijoroan'ny fikambanana ara-dalàna ary nampahafantarana ireo birao mpitantana ihany koa, ka Ramatoa RANOSIMBOHANGY Aimée no filoha. Ny taona 2017 no niforoanan'ny fikambanana Mafy Be ary efa hita amin'ny faritra maromaro manerana an'i Madagasikara. Ny Ady amin'ny herisetra mianjady amin' ny vehivavy ary ny fanentanana ny vehivavy hahavita tena no tanjon'ny fikambanana. Nandritra ity lanonana tao Talatanangavo ny sabotsy lasa teo ity ihany koa, no nitondran'ireo mpikambana ny hetahetany teo anoloan'i Anick Ratsiraka Filoham-boninahitry ny fikambanana. Isan'izany ny tokony hanomezana fampiofanana hoan'ireo tanora vehivavy mpikambana. Maro amin'izy ireo mantsy ny nahita fianarana kanefa dia manana olana goavana amin'ny fikarohana asa. Nampanantena avy hatrany ny filoham-boninahitry ny Mafy be, fa ho tanterahana tsy ho ela izany fampiofanana izany. Ankoatra ny dinidinika izay nifanaovan'ireo mpikambana ao amin'ny Mafy Be dia nisy ihany koa ny fiarahamisakafo narahan'ny lanonana sy ny fanaovana Lavantim-bokatra, narahan'ny vakodrazana sy ny hira gasy, izay nampifaly ny vahaoakan'i TALATANANGAVO. Tonga nanome voninahitra ny lanonana ihany koa ny ben'ny tanàna sy ireo sefo fokontany.

**Isambilo**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Miala Rajoelina

# Delestazy manapotika fihariam-bahoaka, mampijaly vahoaka

Mitombo andro aman'alina toy ny tsy fahalavorian'ny ataony ny fibatan-Rajoelina Andry izao amboara tsy mendrika azy rehetra izao. Gaga sy talanjona ny Malagasy fa notolorana ny tepana mainty "6ème dan" eo amin'ny haiady karate izy tao Mahamasina rehefa avy nampiseho talenta niaraka tamin'ireo mpikatroka amin'ity taranja ity. Raha ny vaovao miparitaka any amin'ny tabazotran-terasera dia efa manana ny "5ème dan" hono izy. Tsy mahagaga raha nilaza izy tany Toliara fa "mipipi am-pataloha" ireo andiany naira-nikatroka taminy tao amin'ny "Dojo Maka" raha vao maheno ny anarany fotsiny. Misy vaovao miparitaka ihany koa anefa fa tsy manana ny tepana mainty izy. Maromaro ireo amboara natolotra azy, izay teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena toy ny "Amboaran'ny Ady amin'ny tsy Fanjariantsakafo", (Lutte Contre le Malnutrition), ny "Amboaran' ny Fananganana Indostria"; ary farany teo ny "Amboaran'ny maha Lehibe azy amin'ny Fanorenana" (Grand Bâtisseur). Raha itsy voalohany no resahina dia nizara vary misy "carry" naka ny lokom-boasary nahavita sakafo atoandron'ny mponina aman-jatony maro tokoa izy sy ny vadiny. Ny "kere" kosa anefa etsy an-danin'izany dia tsy any Atsimo intsony no iainan'ny ponina, fa efa miparitaka any amin'ny Faritra Atsimo Atsinanana sy any amin'ny Faritra Avaratry ny Nosy. Araka izany dia ny mifanohitra amin'ny amboara natolotra azy dia ny "Amboaran'ny Fizarana Patsa indray Mahandro". Marina fa nampanantena hanangana indostria teto Madagasikara Rajoelina Andry, ka anisan'ny ngeza tamin'ireny ny ozinina fanamboarana fiara sy môtô "Gasy Car" sy ny ozinina fanodinana legioma tao amin'ny Faritra Vakinankaratra. Anjaran'ny Malagasy no manao ny tomban'ezaka raha mendrika notolorana ireo ny filohan'ny Repoblika satria tsy nisy nitsangana ireo ozinina ireo na iray aza. Toy ireny mpianatra nanomana "mémoire de maîtrise" ireny Rajoelina Andry, ka nisandoka na nangala-tahaka ny asan'ny sasany ary andefa izany notsaraina ary nahazoany diplaoma raha ny amboara "Grand Bâtisseur" no halalinina, satria tsy izy no nandalina sy nandrafitra ny antontan-taratasy nahazoana ny famatsiam-bola momba ny fanamboarana ny "Rocade d'Iarivo" sy ny "Seranam-piaramanidina Ivato", kanefa ireo no nanolorana ny amboara ho azy. Ankoatr'ireo notanisaina ireo dia misy sehatra azo anomezana amboaran'ny maha-tompondaka ny filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ireo tomponandraikitra rehetra amin'izao fotoana izao. Lehibe indrindra amin'ireny ny fampisafotofotoana ny andraikitry ny mpanantanteraka sy ny mpanao lalàna. Ny tsy fanajana ny fahaleovantenan'ny Fitsarana ka tsy takona hafenina ny fanomezana baiko ny mpitsara amin'izay didy tokony havoakany. Efa ho tapitra ny fepotoana hitondran-dRajoelina Andry kanefa dia mbola governora no mipetraka eo amin'ny toeran'ny Lahiben'ny Faritra izay fidian'ny mpifidy lehibe (grands électeurs). Tokony ho toloran'ny Fitsarana Avo momba ny lalàmpanorenana amboara izy amin'ireo toe-draharaha ireo. Efa maromaro ihany ireo tomponandraikitra ambony voatsoka teo amin'ny toerany. Tsongaina manokana amin'izany ireo minisitry ny Angovo sy ny Akoran'Afo sy ireo tale jeneralin'ny Jirama. Iaraha-mahalala ny anton'ny fanesorana ireo tomponandraikitra ireo dia ny tsy fahitana vahaolana momba ny fahatapahan-jiro, delestazy tsy misy fiafarany, ary mandritra ny ora maro, saika manerana ny Nosy mihitsy. Omaly ny filohan'ny Repoblika vao nieboebo fa vita sonia ny fifanarahana momba ny fanamboarana ireo "centrales hydroélectriques" any Ivolobe sy Sahofika. Tsiahivina anefa fa tamin'ny faramparan'ny taona 2020 no efa natao ny fanadihadiana ara-teknika momba ireo tohadrano hamokarana herinaratra ireo. Tompondaka amin'ny fanesorana amin'ny toerany tomponandraikitra ny filohan'ny Repoblika. Tompondaka mendrika ho tolorana amboara momba ny fanolorana fitaovana mamokatra herinaratra mandeha amin'ny masoandro izay tsy mahasakana ny delestazy an-tanàn-dehibe aloha hatramin'izao. Tsy mifanojo amin'izay iainan'ny Malagasy ny amboara natolotra ny filohan'ny Repoblika satria rakotry ny haizina tanteraka ny Firenena ka tsy misy mangirana tazana na kely aza eny amin'ny faravodilanitra. Tsy voavaha mihitsy ny delestazy hatreto, noho izany: potika ny fihariam-bahoaka miankina amin'ny jiro, mijaly ny vahoaka noho ity delestazy ity, soa ihany fa 102 andro sisa: J-102 dia hiala amin'ny toerany Rajoelina. Ho avy izay andro izay.

***Andry Tsiavalona***

**Fifidianana. Hafatra Pentekosta ny FFKM**

# Ilaina ny fifampidinihana handresena ny sakana rehetra

Nisy ny hafatra Pentekosta avy amin'ny filohampiangonana 4 ao amin'ny FFKM : Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara, noho ny fahatsiarovana ny nilatsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny Apostoly ny alahady teo. Nitatitra izany hafatra izany ny filohan'ny FFKM, sady filohan'ny FJKM, ny mpitandrina Dr Irako Andriamahazosoa Ammi. Andao hiray hina dia ho velona, fa tsy hiady ka ho levona isika hoy izany hafatra izany. Hahazo hery ny rehetra rehefa hahazo ny Fanahy Masina hoy izy. Ho taom-pifidianana ity taona ity eto amintsika, raha tsy hilaza afa-tsy ny fifidianana filohampirenena hoy ny filohan'ny FFKM. Manana adidy lehibe amin'izany ny olom-pirenena rehetra tsy ankanavaka : aloha, mandritra ary aorian'io fifidianana io. Mivavaka koa isika hiasa am-pahamarinana ireo rehetra mikarakara fifidianana, mba tsy hiverenan'ny



*Ireo filoham-piangonana 4 ao amin'ny FFKM.*


olana teo aloha niteraka korontana sy sahoan-dresaka samihafa. Satria ny fahamarinana no manandratra ny firenena, ny fahotana kosa dia henatra ho an'ny vahoaka. Misy ady maro samy hafa eto amintsika ankehitriny : ady amin' ny fahantrana, ady amin'ny tsy fisian'asa, ny fiakatry ny vidim-piainana. Ny olana momba ny fiainana andavanandro toy ny : solika, ny jiro, ny rano, ny sandambola, ny fanafody, ny fitaterana,… Ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana, ny ady amin'ny fanolanana, ny ady amin'ny fanondranana olona antsokosoko, ny ady amin'ny kolikoly, ny fakana an-keriny, ny ady amin'ny zava-mahadomelina, ny ady amin'ny hosoka sy ny fisolokiana, ny ady amin'ny fanondranana antsokosoko ny harena ankibon'ny tany, ny ady tany, ny ady politika. Noho ireo ady maro ireo, manainga ny tsirairay hiray saina ny FFKM, hifankatia, hitady vahaoalana ka hampandefitra ny hambompo, ho vahaolana amin'izao krizy mahazo ny firenena izao. Ny fahavalo iombonana dia ny fahantrana, ka homen'Andriamanitra Fanahy feno hery isika ho amin'izany. Ilaina ny fifampidinihana handresena ny sakana rehetra mialoha, mandritra ary ao aorian'ny fifidianana. Ho an'ny mpitandro filaminana, mba tena ho tandroka aron'ny vozona izy ireo manoloana ny tsy fandriampahalemana misy, ka tena hiaro ny vahoaka sy ny fananany. Nentaniny koa ny olon'ny FFKM sy ny ao anatin'ity fivondronambe ity, handray anjara mavitrika amin'ny Andrimaso FFKM eo amin'ny fiainampirenena. Eo amin'ireo mpanao politika, ialao ny fifampihantsiana hoy ny hafatra, nosoniavin'ireo filoham-piangonana 4 dia ny filohan'ny FJKM- filohan'ny FFKM, ny mpitandrina Dr Irako Andriamahazosoa Ammi, ny avy amin'ny FLM Pastora Dr Rakotozafy Denis, ny avy amin'ny EEM, Mgr Ranarivelo Samoela Jaona, ary ny avy amin'ny EKAR Mgr Odon Marie Arsène Razanakolona.

***Isambilo***

---

**facebook NY VALOSOA VAOVAO**

## Tena maloto ny tanàna Toa Renivohitra tsy misy mpitondra Antananarivo





**Tsiry Ratsimbaharimanga :** misy mpitondra ihany ve eto Antananarivo sa tsia ? tena maloto ny tanàna.

**Njara Andrianiaina :** zao ny olona tian'ilay olon'Antananarivo sasany hitondra azy koa.

**Presley Nomentsoa :** zao no olona tian mponina Tana sasany hitondra koa, akory atao.

**Clara Sylvia :** nga moa teto Mba nisy mpitondra zan e ! Ra tsy zan ve zao sisa ity Madagasikara atsika ity no iafarany e !

**Zo Rajaobelison :** mitsangàna ry gasy izay mboka manam-panahy maha gasy azy fotoana izao hanoherana NY tsy mety.

**Vololona Elisa :** zao no Renivohitr'i Madagasikara nefa VAZAHABE no mitondra, masiso ny tanàna, ny arabe @zany ohatrin tsy andehanan ny fiara fa lalan-tsarety looooza !

**Njara Razafoelina :** misy eto fa ... dia tena be marenina tsy laitra tenenina mihitsy . Ra kiana sy fanakianana ataontsika eto re olona tokony efa mba tonga saina lay Cua sy ry m'se le mera aaa . Fa inona no ataony ao e? Vonjy tavan'andro daholo reo natao teto ny fampiakarana ny karazan- ketra nefa tena hoe fambotriana no atao eto. Impôts de licence ohatra . 150 000 Ar nampiakarina 800.000 Ar . Ny hetra trano mody hoe rectifier-na fa ahidina kely . Ny parking particulier nananganana an lay Mcgp trosa be tao @ Cnaps fa 600000 Ar/ans nampiakarina 1 millions d'Ar ... Be de be ra ho tanisaina eto fa ho avy ny fotoana hamerenana zéros ny tableau an'ireo. Aiza le karazam- belirano ? aiza le camions sy engins ary fitaovana orange narantiranty teto e? mafy nareo e ! kely sisa fa hieretanay foana io eee !

**Anne Houston :** mampalahelo sady mahamegnatra ny loton'ny Capitale.

**Tarafina Justine :** mbola mampifana izy e !

**Francis Riziky :** tena gaboraraka tanteraka ny Capitale de Madagascar.

---

## TONONKALO

### TOMPONDAKA MAHATSIKAIKY !

Inona no tsy nataony taminao ry tanindrazany ?
Lainga no mba kilalaony , fidedahana no lazany !
Fikendrena ho tompondaka eo amin'ny sehatra rehetra,
Izay no tanjon'ilaiàka sy irosoany tsisy fetra !

Maro no manongo tena raha mijery ny hadalany.
Izy anefa tsy hay fefena fa manohy ny diany hatrany !
Tena tsy hainy ny mifehy hatramin'ny vava izay avoakany,
Ka dia maro no mihomehy fa ny azy lainga no kapoakany !

Nosalorana girady tampotampoka indray,
Ity ilay hoe mpanao haiady mahatsikaiky eto aminay !
Dia indro niaraka nirona ireo mpikatroka nasaina,
Ka « Ramano be galona » no indro tonga tao an-tsaina !

...Ho aiza ianao ry tompondaka , ho aiza re ny dianao ?
Ny fieboana no tsy zaka fa manindry lava izao ?
Ahiana ianao hanary lamba sy hitanjaka atsy ho atsy.
Hatramin'ny moana sy ny jamba no efa tena kivy ratsy !

**TSIMIMALO (29-05-23)**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Aly

**Fotoam-pivavahana iraisam-pinoana, no nanombohana ny fankalazana ny faha-50 taonan'ny EPP Ivato Village ny alakamisy teo, tao Ivato distrikan'Ambohidratrimo.**





**Vita ny fihaonana teo amin'ny mpitarika ny tanora TIM MAROANTSETRA faritra Analanjirofo. Tafapetraka tao anatin'izany ny ny Birao ny tanora TIM, hiasa hampiroborobo ny antoko sy hampandany ny filoha Marc Ravalomanana amin'ny fifidianana ho avy.**







**Ny fampahafantarana tamin'ny fomba ofisialy ny sabotsy teo, ny fijoroan'ny fikambanam-behivavy Mafy Be, any amin'ny kaominina Talatanangavo distrikan'Ankazobe. Filoham-boninahitra Ramatoa Annick Ratsiraka.**










## NY TENY FIAINANA




*"Fa hisy firenena hitsangana hamely firenena, ary hisy fanjakana hitsangana hamely fanjakana; ary hisy mosary sy horohorontany amin'ny tany samy hafa."*
***Matio 24:7***

**RUGBY MONDIAL WOMEN'S CUP 1ER DIVISION 2023**

# Afrika Atsimo sy Kenya no tafita hiatrika an'izany

Nifarana tamin'ny fanatontosana ny andro faha-3 farany tetsy amin'ny kianja Makis Andohatapenka, tamin'ny alahady 28 mey 2023 lasa teo, ny fifaninanana rugby vehivavy " Rugby Africa Women's Cup 1er Division 2023", izay nahazoana ny vokatra : Afrique du Sud 79 – 08 Madagascar, Kenya 52 – 03 Cameroun, ka voahosotra ho tompondaka tamin'ity fifaninanana ity ny ekipan'ny Spring Box vehivavy Afrikana Tatsimo, rehefa nahazo fandresena in-3 teo amin'ireo mpifanandrina taminy (Madagasikara, Kenya ary Cameroun). Izy sy ny ekipam-pirenena vehivavy avy any Kenya izany, no tafita hiatrika ny " Mondial Women's Cup 1er Division 2023". Toy izao ny filaharana raikitra tamin'ity fifaninanana Africa ity: - Laharana voalohany : Afrique du Sud nahazo medaly volamena, - Laharana faharoa : Kenya nahazo medaly volafotsy, - Laharana fahatelo : Madagasikara XV Makis Ladies nahazo medaly alimo, - Laharana fahaefatra : Cameroun. Ny filohan'ny Antenimirandoholona Malagasy, no nanolotra nivantana ny amboaran'ny mpandresy teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka tamin'ity fifaninanana ity. Azo ambara fa efa tena "hors classe" aty Afrika mihitsy ny Spring Box vehivavy Afrikana tatsimo eo amin'ny filalaovana an'ity taranja rugby à XV ity, fa efa manakaikikaiky ny filalaon'ny lehilahy mihitsy ry zareo eo amin'ny fiangaliana an' izany. Mikasika ny Makis Ladies XV dia nanao izay ho afany araka izay fanomanana azony natao ry zareo hatramin'ny farany, nefa hita mbola betsaka ny lesoka mila harenina na eo amin'ny lafiny teknika, na lafiny takitika ary indrindra ny lafiny ara-batana. Azo ambara fa tena mbola lavitry ny afo ny kitay ho azy ireo eo amin'ny sehatry ny sokajy D-1 vehivavy aty Afrika, fa tokony mbola any ho any amin'ny D-3 any no hisy azy ireo. Tsy manana vodilaharana n°15 matotra izy ireo sady tsy manana mpitsara baolina sy mpandaka baolina havanana ihany koa. Tena mbola goavana ny ezaka hatao raha fintinina e !

***Rainilita***



*Spring Box vehivavy tetsy Andohatapenaka.*

**Playoffs Orange Pro-League 2022-2023**

# Ny Fosa Juniors Fc tompon'ny akanjo loranjy sisa tavela

Tontosa tamin'ny sabotsy 27 sy alahady 28 mey 2023 lasa teo, ireo lalao 1/4-dalana miverina eo amin'ny fifaninanana "Orange Pro-League 2022-2023", ka nahazoana ny voka-dalao : Cosfa Football 0 - 0 Mama Fc (1-0), CFFA-Andoharanofotsy 1 - 3 Ajesaia (3-5), Elgeco Plus 1 -1 As Fanalamanga Football (1-2), Fosa Juniors FC 3- 2 Disciples FC (6-3). Dikany : ny ekipan'ny Fosa Juniors Fc tena tompon'ny akanjo miloko loranjy tany amboalohany sisa tavela amin'ny fifaninanana, fa nihintsana avokoa ny Cffa sy Elegeco Plus mpindrana an'izany akanjo izany ary ny ekipan'ny Cosfa Football sy Ajesaia ary ny As Fanalamanga no hiaraka aminy hanohy an'izany fifaninanana izany.

***Rainilita***


*Fosa Juniors Fc tena tompon'ny loko loranjy.*

**Ambasadaoro vaovaon'ny Telma**

# Voafidy ihany koa ny mpanakanto Dadi Love avy any Sofia


Taorianan'i Wawa (Diana), Shyn sy Denise (Atsinanana), Lico Kininike (Atsimo Andrefana) dia i Dadi Love (Sofia) indray, no finidin'ny orinasa Telma ho Ambasadaoro vaovaony, ka ny zoma 26 teo teny amin'ny Campus Telma Andraharo, tamin'ny fitafana tamin'ny mpanao gazety, no nanambaran' ny solontenany an'izany tamin'ny fomba ofisialy. Hisitraka ny fanampiana avy amin'ny Telma (fahana, sns… ary ireo tolotra Telma samihafa) araka izany ity mpanakanto ity amin'ny fiainan'ny andavanandro ary hahazo fanampiana matotra avy amin'ny Telma ary tsy hisy fepetra amin'ny fiseharany manao fampisehana hataony manerana ny Nosy. Nofidiana ity mpanakanto ity noho ny lazany sy ny fahaizany mivoy ny gadona mafana, hoy Rado Telma teny Andraharo. Nekeko avy hatrany kosa ny ho Ambasadaoron'i Telma, satria vita ny fifanarahako tany amin'ny Orange hoy i Dadi Love sady ny tolotra Telma no tena be mpanjifa indrindra hatrany ambanivohitra lavitra mifanerasera aminay hoy izy. Tsy mitsahatara ny manampy ny mpanakanto Malagasy araka izany ny Telma ary manandratra avo ny kolontsaina Malagasy koa ao anatin'izany.

***Rainilita***



*Dadi Love sy Telma teny Andraharo.*

## Sakafo Ny Valosoa



**Sofin-kisoa ritra** indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anatsonga sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Manasitrana ny fiakaran'ny tosi-drà ny voana voankazo zavokà

Manasitrana ny fiakaran'ny tosi-drà ny voana voankazo zavokà. Haingam-piasa ho an'ireo olona tratry ny fiakaran' ny tosi-drà, sy tsy milamina ny fikorianan'ny ràny. Maka voan'ny zavokà 3 na 4 ( ilay voany ao anaty zavoka iny. Esory ilay hodiny manify mifono azy iny. Kikiso na totoy halemy ireo voan'ny zavoka ireo. Rehefa vita izay dia hamainina amin'ny toerana madio sy tratry ny hainandro. Rehefa tena maina tsara dia koseho ho lasa poudre malemy, ka ataovy anaty bocal madio sy misarona. Isa-maraina: manaova rano mafana iray vera dia maka poudre ny voan'ny zavoka anaty bocal ka, maka 1 sotrokely kafe, harotsay sy hampifangaroy tsara anatin'ilay rano 1 vera ary sotroy avy hatrany. Marihina fa mbola tsy nisakafo no hisotroana izany. Mandritra ny 7 andro no hanaovana azy. Tsy mety ho an'ny vehivavy bevohoka.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Vavatenina distrikan'i Vavatenina faritra Analanjirofo

Ny tanànan'i Vavatenina distrikan'i Vavatenina faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny distrikan'i Vavatenina ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 10 mandrafitra ny distrikan'i Vavatenina. Any atsimon'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Tsy dia mbola avo toerana izy, satria 123 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. 130 km avaratr'i Toamasina no misy azy. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny vomanga. Velaran-tany 4000 ha no misy voly jirofo any Vavatenina. Vokatra any koa ny voankazo letchi. Ny fiandohan'ny volana novambra, misy hatrany ny hetsika ara-kolontsaina sy ara-toekarena Jerijery any Vavatenina, nanomboka tamin'ny taona 2001.






FAHASALAMANA

# Olona 1 no mbola matin'ny Covid-19 ny herinandro lasa teo

Olona 1 no mbola matin'ny valanaretina covid-19 teto Madagasiukara ny herinandro lasa teo. Mbola mamono olona tokoa ny coronavirus eto Madagasikara, na dia efa azo ambara aza fa vitsy ny olona mitrondra ny tsimokaretina.Tsara ho marihina fa ireo nanao fitiliana ihany no anaty tarehimarika ofisialy. Tarehimarika farany :
-Nanao fitiliana : 226.
-Tranga vaovao :7.
-Tranga ahitana fahasarotana na forme grave : 1
-Namoy ny ainy:1.
Mbola tokony hitandrina hatrany ihany arak'izany ny rehetra amin'ity valanaretina coronavirus ity, satria mbola misy eto amintsika izany, miditra amin'ny vanim-potoana mangatsiaka koa isika, ka tokony mbola hampihàtra ireo sakana ara-pahasalamana ihany toy ny fanasana tanana matetika amin'ny rano sy savony, na fampiasana gel, ny fanaovana arovava sy orona,…

***Niaina***

Cas du 20 au 26 Mai 2023

| | |
|---|---|
| Nombre de tests : | 226 |
| TOTAL CAS | 07 |
| NOUVEAUX CAS | 07 |
| TRACING CONTACT | 00 |
| FORMES GRAVES | 01 |
| NOUVEAUX DECES | 01 |
| CAS ACTIFS: | 09 |

Itaosy Atsimondrano

# Nizeriana 5 tratra nanaparitaka zava-mahadomelina mahery vaika

Teratany vahiny Nizeriana miisa 5 no tratra nanaparitaka zava-mahadomelina ny faran'ny herinandro teo, tao Itaosy Antananarivo Atsimondrano.




*Ireo Nizeriana 5 tratra teny Itaosy.*

Nahazo angom-baovao ny Polisim-pirenena, fa misy teratany vahiny mitazona zava-mahadomelina mahery vaika simika eny Itaosy. Nidina ifotony avy hatrany ny Polisy, ka tratehaka teo am-pampifangaroana ireo zava-mahadomelina mahery vaika milanja 1,600 kg ireo teratany nizerianina miisa 05. Nikasa hivarotra sy hanaparitaka ilay zava-mahadomelina izy ireo, no izao tra-tehaka izao.

***Stefa***

Tarika « Solika »

# Hanolotra seho miavaka ho an'i Neny

Elaela tsy niaka-tsehatra ny tarika "Solika" ! Hifanome fotoana ho an'ireo mpankafy ny bagasy teatraly sy ireo Renim-pianakaviana tonga fety, izy 18 mianadahy, izay efa ahitana tanora lahy sy vavy mandrafitra azy koa ankehitriny, ny alahady 04 jona, ho avy izao, eny amin'ny Espace Rose By-pass.

Fotoana mamy ho an'i Neny, io no lohahevitra nampisaloran'ny avy ao amin'ny "Groupe Jet location" mpiketrika ny fampisehoana iarahana amin'ny "Solika" ity. Ankoatry ny fankafizana ny hakanton' ireo hira tsy mety lefy laza nojarian'ireo mpanakanto malagasy andrarezina izay hokaloin'ny tarika Solika eny an-tsehatra dia hiaraka hanjifa sy hankafy ireo sakafo atolotra am-pitiavana be ihany koa ireo mpilanona hiazo ny Espace Rose By-pass.




*Ny tarika "Solika" mbola manana ny lazany hatrany.*

Ezahana hasongadina sy omena ny sehatra maha izy azy koa ny fianjaika malagasy izay iarahana amin'ireo tanora vao misondrotra mpiangaly ny sehatry ny fianjaikana sy ny lamaody maneho ny maha malagasy. Ankoatry ny fizarana hafaliana ho an'ireo Renim-pianakaviana izay tonga fety amin'io fotoana io dia tanjon'ny "Groupe Jet location" mpikarakara ihany koa ny hampitiavana indray ny kolontsaina malagasy hoa n'ny Malagasy izay toa variana sy sondriana loatra amin'ny kolontsain'ny hafa firenena izay mibosesika sy manao be fiavy eto amintsika ankehitriny.

***Lalasoa Razafindrakoto***

Androndra

# Nirefodrefotra ny basy, olona 1 no lavo nandritra izany



*Ilay jiolahy lavo teny Androndra.*

Nirefodrefotra ny basy ny sabotsy alina lasa teo teny Androndra ao amin' ny Boriboritany faha-2 eto Antananarivo. Olona 1 no namoy ny ainy vokatr' izany. Jiolahy mpamerinkeloka iray hafa indray, no lavon'ny balan'ny polisy ka namoy ny ainy tamin'io fotoana io. Tokony ho tamin'ny 09h30 alina teo tetsy Androndra, no nifanenjika tamin'ny Polisy ilay olon-dratsy fantatra amin'ny anarana hoe BETELA . Vokany, lavon'ny balan'ny Polisy ihany koa ity jiolahy ity niaraka tamin'ny antsy lava nampiasainy hanaovany ny asa ratsiny .
Efa tsy zoviana amin'ny Polisy ihany koa i BETELA, satria dia efa mpamerin-keloka amin'ny halatra miaro herisetra .

***Niaina***

Anosibe Zaivola. Depiote Todisoa

# Nanolotra omby 3 sy ondry 8 ho an'ireo mpilalao baolina kitra

Mitohy ny fanampiana ny mponina sy ny tanora, ataon'ny depiote avy amin'ny antoko TIM voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-6, Todisoa Andriamampandry. Tao amin'ny kianja Todisoa Anosibe Zaivola Ambohimanarina ny faran'ny herinandro teo, nanolotra OMBY 3 sy ONDRY 8 ho an'ireo tanora mpilalao baolina kitra ity olom-boafidy ity. Nambarany tamin'izany fa : «Manohana hatrany ny tanora sy ny fanantanjahantena aho ary mankasitraka ny mpandray anjara rehetra ary indrindra ireo mpiara miasa, » hoy izy.

***Lita***



*Ny depiote Todisoa (ankavanana), manampy ireo tanora mpilalao baolina kitra.*

FID

# Nanatanteraka atrikasa jery todika ny asa vita sy ny ho atao

Notanterahin'ny ekipan'ny FID (Fonds d'Intervention pour le Développement), ny faha 24 sy 25 ny volana mey 2023 lasa teo teto Morondava, ny atrikasa nanaovana tatitra ireo andian'asa vita tao anatin'ilay tetikasa « asa avotra mirindra »andiany voaloha sy faharoa, teto amin'ny Faritra Menabe (Distrikan'i Morondava sy Mahabo), izay tetikasa eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Mponina sy fiahina ara-tsosialy ary fampivoarana ny vehivavy, vatsian'ny Banky iraisam-pirenena vola, ka ny FID no mpanatanteraka. Fantatra tamin'izany, fa tokantrano miisa 4000 ireo mpahazo tombontsoa isaky ny Distrika niasana tamin'izany tetikasa izany, mandray tambin-karama 4500 Ariary isan'andro tao anatin'ny 40 andro nandritra ny andian'asa voalohany sy faharoa, raha nampiakarina ho 6000 Ariary isan'andro kosa izany tambin-karama izany amin'ny andian'asa fahatelo, ka miasa 5 ora isan'andro ao anatin'ny 80 andro mandritra ny taona izay hahazoan'ireo mpisitraka fiofanana amin'ny seha-pihariana maro toy ny asa fanajariana ny tany, fambolena legioma, voamaina, famokarana zezika komposta, fambolen-kazo, fanamboarana sy fanatsarana hirijy ary ny fanamboarana fanafody miady amin'ny biby kely sy aretina. Tanjon'ny tetikasa dia ny famoronana fototra ny famokarana sy fanatsarana ny fahaiza-manaon'ireo ankohonana marefo, fanovana endrika ny tontolo manodidina ho an'ny fandrosoana lovainjafy. Kaominina 9 ao amin'ny ditrikan'i Morondava sy Mahabo no misitraka ity tetikasa ity, izay miparitaka amin'ny fokontany 78 . Tonga nanome voninahitra sy niatrika izany atrikasa fanaovana tatitra izany ireo tomponandraikitra eto amin'ny Faritra izay nahitana ny Prefet an'i Morondava, ny Talen'ny Raharaha ankapobeny ny Faritra Menabe, ary ireo sampandraharaha voakasiky ny tetikasa.

***Rajepa***



*Ny talem-paritry ny FID any Menabe.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 13/05/2023 hatramin'ny 20/05/2023**

- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165 Mahatony) 034 10 937 11
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55
- **DE L'AVENUE** (Andohan'Analakely en bas BNI) 032 11 207 07/038 20 207 06/038 20 207 07/038 20 207 08
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1439-05-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### USAID Amerikana

# Manome rano fisotro madio ho an'ny mponina 7 hetsy any ambanivohitra

Manome rano fisotro madio ho an'ny mponina miisa 7 hetsy any ambanivohitra ny USAID Amerikana. Vahaolana nifandrimbonana tamin'ny sehatra tsy miankina no nahafahan'ny olona maro misitraka rano fisotro madio.

Modely vaovao no nampiroborobon'ny vahoaka amerikana, amin'ny alalan'ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisampirenena (USAID), momba ny fitantanana sy famatsiana rano azo antoka sy maharitra ho an'ireo tokantrano manerana an'i Madagasikara. Ny fahazoana rano azo antoka dia hanatsara ny fahasalaman'ireo olom-pirenena marefo indrindra eto amin'ny firenena.

Nanomboka tamin'ny taona 2017, ny tetikasa USAID Rural Access to New Opportunities in Water Sanitation and Hygiene (RANO WASH) dia nampiditra rafitra vaovao mampivondrona ny rafim-panjakana sy ny sehatra tsy miankina, amin'ny fanatsarana ny fisitrahana rano azo antoka ho an'ny Malagasy mipetraka any amin'ny tanàna ambanivohitra an-jatony manerana an'i Madagasikara.

Nandritra ny lanonana izay notanterahina ny herinandro teo, no nanamarika ny famaranana ny tetikasa, izay nitentina 30 tapitrisa dolara, ny Tale Jeneralin' ny USAID/Madagasikara, Anne N. Williams, miaraka amin'ny Minisitry ny Rano sy ny Fanadiovana ary ny Fahadiovana, Fidiniavo Ravokatra. Nanaiky izy ireo fa nahomby ny rafitra napetraky ny tetikasa RANO WASH, indrindra fiaraha-miasa tamin'ny ny sehatra tsy miankina. Nanampy ireo Kaominina tamin'ny famatsiana rano ho an' ny mponina izany, nampitombo ny hetra nahafahana nampivelatra ny fiainan'ireo vondrom-piarahamonina ifotony ary manamaivana ny vesatra ara-pitantanana amin'ny alàlan'ny fifanarahana natao tamin'ireo orinasa tsy miankina mpamatsy rano.

"Ireo fiaraha-miasa novelarin'ny tetikasa RANO WASH dia manamafy ny fahafahan'ny rehetra misitraka rano fisotro madio eto Madagasikara," hoy Ramatoa Williams nandritra ny lanonana. "Misy fiantraikany goavana eo amin'ny rafi-pahasalamana eto Madagasikara izany amin'ny fampihenana ny mety hisian'ny aretina azo sorohina sy ny tsy fanjariantsakafo."

Olona miisa 700.000 eo anivon' ny kaominina miisa 250 manerana ny faritra 7 no nahazo tombontsoa tamin'ny RANO WASH. Mbola antenaina hitombo ireo isa ireo arakaraka ny fahavonon'ireo vondrom-piarahamonina hafa manodidina hampihàtra an'io rafi-pitantanana sy famatsiana rano vaovao sy mahomby io.

Tamin'ny alalan'ny rafitra napetraky ny RANO WASH, dia afaka nampivelatra ny fahaizamanaony ireo manam-pahaizana momba ny rano. Nisahana ny fikajiana ny tombam-bola sy ny fidiram-bola izy ireo, nanangona ny saran'ny rano isaky ny mpampiasa izany, nametraka rafitra famatsian-drano eny anivon'ny fiarahamonina sy ny tokantrano, ary nanatsara ireo toeram-pidiovana maro samihafa. Na somary avoavo aza ny saran'ny famatsian-drano, dia tafiditra tao anatin'ny fahefa-mividin'ny ankamaroan'ny olona teo amin'ny tontolo ambanivohitra izany, ary nankasitrahan'ny besinimaro izany endrika fampiasam-bola izany. Ny ampahany amin'ny vola miditra amin'ny saran'ny rano dia miverina amin'ireo komity mpitantana ireo vondrom-piarahamonina eny ifotony ihany amin' ny alàlan'ny hetra.

*Aly*

### Tanandava distrikan'i Morombe

# Olona miaro ny taniny gadraina, nihetsika ny mponina

Misy ihany koa amin'izao fotoana ny tsy rariny sy fanamparam-pahefana ataon'ireo tompon'andraikitra any amin'ny fokontany Tanandava kaominina Tanandava Station, any amin'ny distrikan'i Morombe faritra Atsimo Andrefana. Fanamparam-pahefana ataon' ny CAT : Comité d'Attribution des Terres : komity mpitsinjara ny tany. Olona miaro ny taniny no gadraina ankehitriny any an-toerana. Noho izay antony izay, nihetsika ny mponina ny faran'ny herinandro teo ho fanoherana izany tsindry hazolena misy izany. Nilahatra naneho ny alahelony izy ireo nitondra sora-baventy, miantso ny tompon'andraikitra hamotsotra ireo zanany gadraina amin'ny resaka tany, izay hatao tanimbary, izay tanin'izy ireo ihany nefa tsy omena azy, fa anagadrana azy ireo mihitsy aza ankehitriny ny fitakiana izany taniny izany. Nisy ny fifanarahana nanajariana ny lemaka Bas Mangoky teo aloha, nesorina tamin'ny taniny ireo vahoaka fa nohajariana ny tanin'izy ireo, rehefa vita ny fanajariana dia tokony ho niverina amin'ny taniny ihany ireo olona ireo araka ny fifanarahana nisy tamin'izany. Tsy izany anefa no zava-nitranga, fa nisy no tsy nahazo ny taniny ary nogadraina mihitsy noho ny fitakiana izany tananany izany. Koa anaovan'izy ireo antso amin'ny manam-pahefana mahefa, ny hamahana izao olana izao haingana, fa migadra tsy araraariny ny namany, havany, fianakaviany, mpiara-monina aminy.

***Ny Valosoa***





***Ny hetsika nataon'ireo mponina tany Tanandava, distrikan'i Morombe faritra Atsimo Andrefana.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 433**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0432)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Hetra | - Tatitra | - Hevitra | - Antitra |
| - Mpanao (miv) | - Rar(a) - No | - Ova | - Rora (miv) |
| - Vohitr(a) | - Anamalao | - Tohatra | - PM (miv) - Nana |
| - Iva - (L)iona | | - Ray - May (miv) | - Ompa - OO |

## TENY MIFANARAKA N° 433




**Mitsivalana**

**1.** Anaran-tanàna - Simba sy masiso **2.** Soloina - Bibikely (miv) **3.** Fiandohan'ny rotaka - Mariho **4.** Faritra malaza **5.** Solfa - Fanampin'anarana - Mari-danja **6.** Zokiolona be taona - Mpanondro toerana **7.** Faran-teny - Maniry **8.** Volana (miv) - Efaina **9.** Manimba endrika (BR) - Tsirinteny **10.** Anjara voajanahary - Mampisfidy

**Mitsangana**

**A.** Raisina an-tsoratra **B.** Arovana - Naoty **D.** Tsirin-teny Mpanao - Teny fanehoana (miv) **E.** Fitaovam-pitaterana **F.** Maneho (miv) **G.** Fotaka - Mari-bola **H.** Tsy fahampian-tsakafo **I.** Heloka - Hazo maro **J.** Tsy marina **K.** Ohatra - Azera, ravaina, potehina

### Valiny Teny mifanaraka 0432

**Mitsivalana**

**1**.Sakay - Fary **2**. Tanalahy (miv) **3**. Lanonana **4**. Ta - Vary **5**. Niantoka **6**. Tanàn - Anao **7**. Ela - Ro - Ana **8**. Na - Ireo (miv) - Ir **9**. Ahatsapana **10**. Ila - Miray

**Mitsangana**

**A** Solontena **B**. Ialahy **D**. Kintana - La (miv) **E**. Ahoana - Ota **F**. Nay (miv) - Res(aka) **G**. Lavo - Maro (miv) **H**. Fanaka - (P)ipy **I**.. Anarana - Ar **J**. Rà - (M)anina **K**. Ity - Voaray

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fihaonamben'ny antoko TIM Avaradrano tao amin'ny Lion D'Or ny sabotsy teo, natrehan'ny filoha nasionaly Marc Ravalomanana.**

















